المملكة العربية السعودية
وزارة التعليم العالي
الجامعة الإسلامية بالمدينة المنورة
عمادة البحث العلمي
قسم الترجمة

# تعريف موجز بالإسلام

(باللغة المدغشقرية)

PDF created with pdfFactory trial version www.pdffactory.com

AMIN' ANARAN'I ALLAH ILAY BE FITIAVANA SY BE INDRAFO.

## FAMARITANA NY ISLAM.

Dera sy voninahitra ho an'I ALLAH Naharin'izao tontolo izao, ary enga anie nby fitahiany sy ny fandriam-pahalemany homba an'I mpaminany MOHAMMAD sy ireo fianakaviany ary ireo mpiara-dia taminy rehetra.

Ny Islam dia mamarana ireo hafatran'ny ALLAH izay nalefany tamin'ilay faran'ireo mpaminany sy ireo irany MOHAMMAD (Homba azy sy ireo fanakaviany anie ny Fitahian'I ALLAH sy ny Fandiram-pahalemany), ary izy no finoan'ny fhamarinana, izay tsy heken'I ALLAH mihitsy ny finoana ankoatrany, ary efa nataon'I ALLAH ho finoana mora tanterahina tsy misy fahasarotana na fanelingelenina ary ALLAH dia tsy manery an'izay manaraka ny finoana silamo amin'ny zavatra tsy vitany, ary izy dia finoana miorina amin'ny fanatokanana an'I ALLAH, ary ny endriny dia fahamarinana izay mihodikodina



PDF created with pdfFactory trial version www.pdffactory.com

eo amin'ny tsy fitongilanana, izany hoe mijoro amin'ny fahamarinana; ny fiainany dia famindram-po ary izy dia finoana lehibe izay manoro làlana ireo mpanaraka ny finoana silamo rehetra ho amin'izay rehetra ahitany tombo-tsoa eo amin'ny lafiny ara-pinoana sy ara- pivelomana.ary koa mandrara azy ireo amin'ny ratsy rehetra amin'ny finoan'izy ireo sy fiainan'izy ireo.

Avy aminy koa no anatsaran'I ALLAH ny fotom-pinoana sy ny fitondran-tena ary ny fiainana eto an-tany sy ny anyan-koatra sy hampifandraisan'I ALLAH fon'ireo izay tsy mifanaraka ary fitiavan'ireo izay tsy mitambatra mba hiala ao anatin'ny haizin'ny fahaverezana ho amin'ny hazavan'ny fahamarinanasy fahasambarana; ary izy koa no finoana feno fahamendrehna eo amin'ny lalanany,tsy milaza raha sy am-pahamarinana ary tay mandidy raha tsy amin'ny zavatra marina sy mendrika, amin'ireo foto-pinoana marina , sy ireo asa fanasoavana ary fitondran-tena mendrika sy lavitr'ezaka.



PDF created with pdfFactory trial version www.pdffactory.com

NY TANJON'NY FINOANA SILAMO DIA TOY IZAO:

1. Fahafantaran' ny zanak'olombelona ny tompony sy ilay Nahary azy amin'ireo anarana mendrika azy rehetra sy ireo fiderana azy feno voninahitra ary ireo…..
2. Fiantsoana an'ireo mpanompo mba hanompo an'I ALLAH izay tokana tsy manam-paharoa amin'ireo didy rehetra izay nodidiany sy ny fankalavirana ireo voararany.
3. Fampatsiahivana an'izy ireo ny momba azy ireo sy izay hiafaran'izy ireo aorian'ny fahafatesana ( Ny ao am-pasana - ny fitsanganana amin'ny maty – ny fotoan an'ny fitsarana – ny paradisa sy ny afobe.)

Azo fintinina toy izao ireo zavatra takin'ny finoana silamo:

I -NY FOTO-PINOANA:

Io dia finoana ny foto-pinoana enina:

1. Finoana an'I ALLAH; izany dia tanterahina toy izao:



PDF created with pdfFactory trial version www.pdffactory.com

- Fanekena fa Izy no Tompo, izany hoe tompo Mpiahy sy Mpandidy an'izao tontolo izao amin'izay rehetra ilany azy.
- Fanekena fa izy no zanahary, Naharin'izao tontolo izao, fa izay rehetra ankoatra azy dia zava-boahariny.
- Finoana an'ireo anarana fiantsoana azy sy ireo dera fiderana azy arak'izay voalazany al amin'ny KOR'ANY [Boky masina avy amin'I ALLAH izay nentin'ny mpaminany MOHAMMAD (H.F.A.F.) ]sy ny SO'NNAT : fomba amm-panaon'I Mpaminany MOHAMMAD(H.F.AF).

2. Ny finoana ny fisian'ny ANJELY:

Ny anjely dia mpanompo manam-boninahitra noharian' I Tompo Andriamanitra izy ireo ka nitsangana am-pahendrena feno fanetre-tena nanatanteraka ny fanompoana an'I Tompo ALLAH ary nodidian'ny Tompo asa aman'andraikitra maro isankarazany ihany koa izy ireo. Ka misy amin'izy ireo ny antsoina hoe: GABRIELY; izay voadidy ho mpitondra sy mpiandraikitra ny teny fanambarana avy amin'I Tompo izay mba entina ho hampitaina amin'ireo mpaminan'Andriamanitra sy ireo



PDF created with pdfFactory trial version www.pdffactory.com

iraka izay tiany ho hampitaina an'izany fanambaran-teny izany. Misy amin'ireo ihany koa ny antsoina hoe MIKAELY izay voatendry ho mpiandraikitra ny orana sy ny zava-maniry. Ao koa ny antsoina hoe ISRAFILO izay voatendry hiandraikitra ny fitsofana ny ***antsiva*** amin'ny fara andro mba hivoahany zanak'olombelona avy ao ampasana ka hiroso amin'ny kianjan'ny fitsarana. Eo koa I MALAKOL MAOTY izay voatendry hiandraikitra ny fanalana ny fofon'ainan'ny manan'aina rehetra rehefa ho faty

3. NY FINOANA AN'IREO BOKY:

ALLAH, Dera sy Voninahitra ho azy dia nandefa tamin'ireo irany boky samihafaizay feno fahazavana sy hatsarana, feno fahasoavana ary fandriam-pahalemana; ny haintsinka amin'ireo boky ireo dia:

A- NY TAORATA izay nalefan'I ALLAH tamin'I MOSESY ho an'ny vahoakan'ny ISRAELY

B- NY EVANJILY: Izay nampidini'I ALLAH tamin'I JESOSY.

C- ZABOURA: Izay nampidinin'I ALLAH tamin'I DAVID.



PDF created with pdfFactory trial version www.pdffactory.com

D- SOHOFIN'I ABRAHAMA SY MOSESY(H.F.A.F)

E- NY KOR'AN: Izay nalefan'I ALLAH tamin'I MOHAMMAD (H.F.A.F); izay voalaza fa izy no iraka farany nalefan'I ALLAH eto an-tany taorian'ireo iraka maro samy hafa.

Ka ny fahatongavan'ny boky masina KOR'ANY no namafan'I ALLAH an'ireny boky taloha ireny ary noraisiny andraikitra ny fiarovana azy satria hijanona ho fanaporofoan 'ny zava-boahary rehetra mandra-pahatongavan'ny andro farany.

4. NY FIANOANA IREO IRAK'ALLAH:

Ny tompo ALLAH dia nandefa iraka ho amin'ny zava-boahariny rehetra . Ka ny voalohany tamin'ireo iraka ireo dia ny mpaminany NOE ary ny farany dia ny mpaminany MOHAMMAD. Izy ireo dia olombelona mpanompon'ALLAH no sady zava-boaharytahaka ny zava-boahary rehetra, fa ny hany mampiavaka azy ireo amin'ny sasany dia noho izy ireo iraky ny Tompo ALLAH ary izy ireo dia tsy manana fahefana afa-tsy amin'ny zavatra nanirahana azy ihany.



PDF created with pdfFactory trial version www.pdffactory.com

Ka noho izany rehetra izany dia nofaranan'I ALLAH tamin'ny alalan'I MOHAMMAD ny fanambarana rehetra ary izy ihany koa no iraka farany nalefa ho amin'ny zanak'olombelona rehetra tsy an-kanavaka eto an-tany ka tsy misy iraka intsony manaraka azy.

5. NY FINOANA NY FISIAN'NY ANDRO FARANY:

Ny andro farany dia andro izay tsy misy andro intsony manaraka azy. Ka io no andro hamohazan'I ALLAH ny zanak'olombelona ho velona mandrak'izay na amin'ny fahasambarana na amin'ny fijaliana mangirifiry. Ka ny finoana ny fisian'ny andro farany dia finoana an'ireo zava-drehetra mety hiseho ao am-pasana aorian'ny fahafatesana izay miseho amin'ny zanak'olombelona iray toy ny fisian'ny fahasambarana sy ny fijaliana ao am-pasana sy ny zavatra hiseho aorian'izany toy ny fitsangananana amin'ny maty ny fiparitahana, ny fitsarana avy eo na amin'ny PARADISA na amin'ny AFOBE.



PDF created with pdfFactory trial version www.pdffactory.com

6. NY FINOANA NY FISIAN'NY LAHATRA:

Ny lahatra dia finoana fa I ALLAH dia nandahatra ny zava-drehetra ary nanahary ny zava-boahary rehetra araka ny fahalalany mialoha ary araka ny ilavany azy, ka ny zavatra rehetra dia hain'I ALLAH ary efa voasoratra any aminy, ary tian'ny ALLAH izy ireny dia namboariny.

## II- NY ANDRIN'NY FINOANA ISLAM.

Ny finoana Islam dia miorina amin'ny andry dimy. Ny olona iray dia tsy ho miozilimanina marina tokoa raha toa ka tsy mino azy ireo; ary manatanteraka izany.

### 1- Ny andry voalohany

Fanekena fa tsy misy tompo afa-tsy ALLAH irery ihany, ary I MOHAMMAD dia irak'I ALLAH. Izany fanekena izany no fanlahidin'ny finoana Islam ary fototra izay iorenany.



PDF created with pdfFactory trial version www.pdffactory.com

-Ny hevitry ny hoe: " tsy misy tompo hafa afa-tsy ALLAH " dia tsy misy tompo mendrika ny fanompoana marina afa-tsy ALLAH irery ihany satria Izy ilay Tompo marina; ny ankoatrany rehetra dia tsy misy mendrika ny fanompoana.

Ny teny hoe AL-ILAHO dia midika hoe " Ilay tompoina"

Ny hevitry ny fanekena fa MOHAMMAD dia irak'I ALLAH : fahatokisana tanteraka ny mpaminany MOHAMMAD amin'izay rehetra nambarany, ary fankatoavana azy amin'izay rehetra norarany.

2- Ny andry faharoa

Ny fivavahana:

Vavaka in-dimy izay atao isan'andro; nataon'I ALLAH mba ho vonam-pifandraisan'ny mpino Islam amin'ny Tompony. Ka mandritra izany fivavahana izany no hangatahin'ny mpanompo vonjy sy fitalahoana amin'I ALLAH, ary mba ho fiarovana ny mpino Islam amin'ny faharatsiana sy tsy fahamendrehana . Ny mpino Islam dia mitondra fahatsarana sy fahamarinam-pinoana ary fahasoavana avy amin'I ALLAH



PDF created with pdfFactory trial version www.pdffactory.com

na eto an-tanyizany na any an-koara. Ny fivavahana dia mahatonga ny mpanompo hanana fahatoniam-panahy amam-batana ka hitondra fiadanana ho azy; eto an-tany sy amin'ny andro farany.

3-Ny andry fahatelo : ZAKAT

Tsy inona moa izany fa nuy famoahana ny ampaham-panan'ireo izay manana harena izay mahatratra ny fetra tokony handoavana izany; izay atao isan-taona ho an'ireo mendrika ny hahazo izany amin'ireo mahantra sy ny ankoatrany izay azo omena ny zakat. Tsy voatery ho an'ny mahantra tsy manana ny fetra tokony handoavana azy ny famoahana ny zakat. Nefa tsy maintsy ataon'ny mpanakarena ho famenoana ny finoany sy ny maha misiolimanina azy; ho fanavaozana ny toe-piainany sy ny fomba fitondran-tenanyihany koa Ho fiarovana azy ireo sy ny harenany amin'ny faharatsiana; ary fanadiovana azy ireo amin'ny fahotana; natao ho fitsimbininana sy fanampiana ireo mahantra sy izay mila azy ny zakat. Ho tombotsoa sy fahatsarana ho an'ireo



PDF created with pdfFactory trial version www.pdffactory.com

mpanantanteraka ny zakat ny famoahana azy ary eo an-danin'izany dia ampahany kely dia kely ny zakat raha ampitahaina amin'ny harena sy anjara izay nomen'ny ALLAH azy.

4—Ny andry fahaefatra: NY FIFEHEZANA.

Ny fifehezana dia mandritra ny volana irayao anatin'ny taona. Volana Ramadan izay feno fahasoavana , volana fahasivy amin'ny fanisam-bolana Islamika. Ambohi-pihaonan'ny mpino Islam rehetra ka hamelan'izy ireo ny faniriana sy hetahetam-po amin'ny fihinanana sy fisotroana ary firaisana ara-nofo mandritra ny tontolon'andro; manomboka vao mangiran-dratsy ka hatramin'ny filetehan'ny masoandro. Ho setrin'ny fifehezana dia hovalian'I ALLAH fitomboana sy fahafenoam-pinoana ireo mpifehy; hitombo ihany koa ny fahatsaran'izy ire. Maro ankoatra izany ireo fahasoavana lehibe izay entin'ny fifehana na eto amin'ny fiainana ambonin'ny tany izany na ny fiainana any an-koatra.



PDF created with pdfFactory trial version www.pdffactory.com

5-Ny andry fahadimy: NY FIVAHINIANA MASINA ANY LAMEKA.

Raha ho faritantsika tsotsotra ny dikan'ny teny hoe [HADJ] dia tahaka izao:ny fivahiana ny tranomasin'I ALLAH izay antsoina hoe "KA'ABA" any Laméka any ARABIE SAODITA ary izany dia nataon' I ALLAH ho adidy amin'ny mpino silamo rehetra izay mahatanteraka sy mahatomosana ireo fe-petra rehetra takiana ho amin'izany; ary izy io dia atao indray mandeha monja mandritra ny fe-potoana hiainana eto an-tany.Fa ho an'ireo izay mahavita ankoatran'izay indray dia tsy ferana.
Amin'izany indrindra no hivorian'ny mpino silamo rehetra avy amin'ny vazan-tany efatra ho any amin'ny tany masin'I ALLAH mba hanantanteraka ny fanompoana ny tompo iray tokana, mitafy lamba mitovy loko(fotsy), tsy misy manavaka ny filoha sy vahoaka, ny manan-karena sy ny mahantra ary ny fotsy hoditra sy ny mainty hoditra, fa samy miara-mananteraka ny adidiny antsakany sy andavany ny tsirairayary ny tena zava-dehibe amin'ireo adidy ireo dia ny fitobiana any ARAFAT (ARABIE SAODITA) izany dia amin'ny



PDF created with pdfFactory trial version www.pdffactory.com

fahasivy ny volana Hadjy; dia eo ihany koa ny fihodinana ambohon'ny trano masina (KA'ABA) izay manan-kaja no sady fitodihan'ny mpino silamo rehetra eran-tany rehefa manao "SOALAT" izy ireo; anisan'izany koa ny fiarahan'izy ireo mandeha miverimberina im-pito eo anelanelan'ny vohitra "SOAFAT" sy "MARWA"; sy ireo voka-tsoa samy hafa tsy voatanisa eto na ara-pinoana izany na ara-pivelomana.

## III- NY FANDRINDRANA NY FIAINAN'NY MPINO.

Ny finoana ISLAM koa dia mbola mampirindra ny fiainan'ny tsirairay amin'ireo mpino sy ny fiainan'izy ireo eo anivon'ny fiaraha-monina, izany indrindra no ahafahantsinka milaza fa ny mpino silamo dia voataiza ho anatin'ny fahasambarana mandrakariva na eto an-tany izany na any ankoatra; ka nanome alalana azy ireo hanambady ary nampirisika ho amin'izany, ary nandrara azy ireo ny fijangajangana sy ny toetra ratsy rehetra ary nandidy azy ireo koa mba



PDF created with pdfFactory trial version www.pdffactory.com

hifandray ara-pihavanana no sady hanana hinakinaka amin'ireo mahantra ka haampy azy ireosy hangoraka azy ireo ,ary tahaka izany koa no nandidiany sy nampirisihany ami'ny toetra mendrika rehetra ,ary nandrarany sy nampitandremany amin'ny teotra tsy mendrika rehetra, ny finoana Islam dia nanome alalana ny mpino mba hitady ny harenany amin'ny fomba madio sy mazava toy ny varotra sy fampanofanasy ny sisa ; ary tsy misy fitaka na halatra ;ary nandrara ny fitomboan-karena tsy ara-dalàna toy ny varo-maizina sy ireo tsolotra isan-karazany sy ny loka.

Torak'izany koa ny fahatsapan'ny Islam ny tsy fitovizan'ny olona amin'ny fanatanterahana ny adidy maro samihafa sy ny fitsinjovana ny zon'ny hafa ;ka nametrahany ireo karazana lalam-pamaizana mba hisakanana ny hetraketrak'ireo mpanao ratsy satria efa misy amin'izy ireo aza izay efa mihoa-pampana hatramin'izay fanitsiratsirana ny Tompo ALLAH izay efa tsy azon'izy atao: tahaka ny fivoahana na famelana ankitsiranony ny finoana Islam ka lasa mamonjy finoana hafa izay efa tsy eken'I ALLAH intsony ny fahamarinany ny fijangajangana sy ny fisotroana taka sy ny



PDF created with pdfFactory trial version www.pdffactory.com

sisa… , ary namoaka ihany koa ny Islam ny lalam-pamaizana entina hisakanana ireo karazana fanaovana ankeriny ju fananan'olona tahaka ny famonoan'olona, ny fangalarana, ny fanendrikendrehana amin'ny tsy marina sy ny fikapohana olona amin'ny tsy antony sy ny fampijaliana azy.

Najoron'I tompo ALLAH izany famaizana rehetra izany mba hitsinjovana ny zon'ny tsirairay ka natao mifanaraka amin'ny fahotana izay nataon'ny olona iray.Torak'izany koa , ny finoana Islam dia mbola nampirindra ny fifandraisan'nyu vahoaka amin'ireo mpitandro sy mpitarika ary noterena izy ireo mba ho hendry mandrakariva manoloana iireo mpitarika, fahendrena izay tsy manohitra ny tenin'I ALLAH . Ka noho izany dia natao ho fady ny fanoherana ny mpitondra satria mitarika amin'ny fandrobana izany.

Eto am-pamaranana dia azontsika lazaina fa ny finoana Islam dia nanorina sy nandrindra ary nampisy ny fifandraisana ara-dalana marina teo amin'ny fanompoana'ny mpino iray an'I ALLAH sy eo anivon'ny fiaraha-monina amin'ny ankapobeny ka hatrany amin'ny fiainany iray manontolo mihitsy aza, hany ka



PDF created with pdfFactory trial version www.pdffactory.com

tsy misy toetra na fififanampiana ara-piainana anka-tsarana afa- tsy nampirisihina ny mpino Islam mba hankatia sy hankafy azy ary tahaka izany koa tsy misy toetra ratsy sy fifampifahavaloana afa-tsy nararana sy nampirtandremana azy ireomba tsy hanakaiky izany.

Izany rehetra izany no entintsinka hilazana fa ny finoana Islam dia feno amin'ny lafiny rehetra.

DERA SY VONINAHITRA LEHIBE HO AN'I ALLAH TOMPO IZAY NAHARY AN'IZAO TONTOLO IZAO.



PDF created with pdfFactory trial version www.pdffactory.com